Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

02 novambra 2020 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)

Mpitandrina : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Hira : 4 FFPM and 1,4 *"Mamy ny fitiavanao, ry Jehovah Tomponay"*

Vavaka (Mpitandrina)

Lohahevitra

Vakiteny 1 : Lioka 22, 1-6

"1 Ary efa mby akaiky ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia ilay andro atao hoe Paska.2 Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna nitady izay hamonoany an' i Jesosy; nefa natahotra ny olona izy. 3 Fa Satana niditra tao anatin' i Jodasy, ilay atao hoe Iskariota, anankiray tamin' ny roa ambin' ny folo lahy;4 dia nankao amin' ny lohan' ny mpisorona sy ny lehiben' ny mpiambina izy ka niresaka taminy ny amin' izay hamadihany an' i Jesosy amin' ireo.5 Dia faly ireo ka nanaiky hanome vola azy.6 Ary nanaiky izy ka nitady izay andro hahazoany hamadika Azy amin' ireo amin' ny tsy misy olona."

Hira : 815 FFPM and 1,4 *"Lay ora tao Getsemane tsaroako tsara izao"*

Vavaka :

→Fisaorana an'Andriamanitra noho ny fitiavany

→Fisaorana an'Andriamanitra Mpamonjy izao rehetra izao.

→Fisaorana an'Andriamanitra noho ny fahavitan'ny Synoda faha-38 n'ny FPMA ary fametrahana ny FPMA eo ambany famonjen'ny Tompo.

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 2: Lioka 22, 7-20

« 7 Ary tonga ny andro fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, dia ilay tsy maintsy hamonoana ny Paska.8 Ary Jesosy naniraka an' i Petera sy Jaona ka nanao hoe: Mandehana, ka amboary ny Paska hohanintsika.9 Ary hoy ireo taminy: Aiza no tianao hanamboaranay azy? 10 Dia hoy Izy taminy: Indro, raha miditra ao an-tanàna hianareo, dia hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo; manaraha azy ao amin' ny trano izay hidirany.11 Dia lazao amin' ny tompon-trano hoe: Izao no lazain' ny Mpampianatra aminao: Aiza ny efi-trano hiarahako mihinana ny Paska amin' ny mpianatro?12 Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana, izay efa nasiana fipetrahana; any no amboary.13 Dia nandeha izy ka nahita araka izay efa nolazainy taminy; dia namboatra ny Paska izy.14 Ary nony tonga ny fotoana, dia nipetraka hihinana Izy mbamin' ny Apostoly.15 Ary hoy Izy taminy: Naniry koa raha naniry Aho hiara-mihinana ity Paska ity aminareo, dieny mbola tsy mijaly Aho.16 Fa lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana izany intsony Aho ambara-pahatanterak' izany ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra.17 Ary nandray kapoaka Izy, dia nisaotra ka nanao hoe: Raiso ity, ka zarao aminareo;18 fa lazaiko aminareo fa hatramin' izao dia tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pahatongan' ny fanjakan' Andriamanitra.19 Ary nandray mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy sady nataony hoe: Ity no tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy.20 Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin' ny rako, izay aidina ho anareo."

A

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

:

Hira : 446 FFPM and 1,2 *"Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko"*

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 3: Lioka 22, 24-38

"24 Ary nisy koa fifandirana tao aminy ny amin' izay anankiray aminy hatao lehibe.25 Ary hoy Jesosy taminy: Ny mpanjakan' ny jentilisa mampanompo azy ary izay manapaka azy no atao hoe mpanao soa.26 Fa tsy mba toy izany hianareo; fa izay lehibe aminareo dia aoka ho toy ny zandry; ary izay manapaka dia aoka ho toy ny mpanompo.27 Fa iza moa no lehibe, izay mipetraka mihinana va, sa izay manompo? Tsy izay mipetraka mihinana va? Fa Izaho dia eo aminareo toy izay manompo.28 Ary hianareo no naharitra nanaraka Ahy tamin' ny fakam-panahy nihatra tamiko;29 koa Izaho dia manendry fanjakana ho anareo tahaka ny nanendren' ny Raiko ho Ahy,30 mba hihinana sy hisotro eo amin' ny latabatro amin' ny fanjakako hianareo sady hipetraka ambony seza fiandrianana hitsara ny firenen' isiraely roa ambin' ny folo."

Hira: 446 FFPM and 3 *"Atolotro Anao ny tenako, ry Raiko! Fa izany indrindra re no hetahetako"*

Vavaka :

→Fametrahana ny antsipiriam-piainantsika eo am pelantanan'Andriamanitra.

→Ho an'ny fiaraha-monina misy antsika sy ho an'izao tontolo izao

→Hetaheta manokana

Vavaka (Mpitandrina) + *« Rainay izay any an-danitra… »*

Hafatra :

"Apetraho aminy (amin'ny Tompo) ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo." (1 Pet 5, 7)

Tsodrano :

« Mahereza sy matanjaha; aza matahotra na manahy azy; fa Jehovah Andriamanitrao no miara-mandeha aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy. » (Deot 31, 6)

Mpitarika: Voninahitra ho an'Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin'ny fiadanan'ny Tompo. Amena.